# FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

## SYNODAM-PARITANY EOROPA

## TOBY POURU SAINT-RÉMY

Miray amin'ny

## TOBILEHIBE ANKARAMALAZA

**Ary Ataovy ny trano dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina aho, hoy Jehovah.**
Hagay 1.8b

Pouru Saint Rémy, faha 01 Jona 2017

Ry havana,

Hampitomboina ho anareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompontsika.

Fifaliana ho anay indray no manome ny vaovao mikasika ny fanorenana ny trano ho Toby.

1. Nisy ny resadresaka ("interview") natao tao amin'ny Radio Fréquence Protestante ny 12 May lasa teo ary ity ny rohy hahazoana mihaino izany:

http://frequenceprotestante.com/diffusion/projet-mosaic-du-12052017/

2. Mahatratra 68 950€ izao ny vola voaray amin'ny kaontin'ny Toby. 2 979€ ny ao amin'ny Credofunding ary 800€ ny voaray tamin'ny carte bancaire. Miandry ny ahazoana 200 000€ isika hanombohana ny asa fanamboarana.

3. Ho fanampim-panohanana io fanangonam-bola io dia naorina tamin'ny 20 May teo ny tarika "Nehemia". Miangavy antsika tompon'andraikitra mba hanazava ny mikasika ity asa vaovao ity amin'ny filazan-draharaha isam-piangonana ary amin'ny fotoan'ny sampana Fifil isanisany. Toy izao ny fizotry ny asa:

- Ampahatsiahivina ny mpiandry tsirairay fa manana anjara manokana eo amin'ny Toby Pouru St Rémy. Amin'izany anjara izany dia afaka manorina tarika "Nehemia", tsirairay, izy. Izany hoe mamory havana, namana sy tapaka vitsivitsy ny mpiandry, hiaraka aminy, ary manangona 1000€ ao anatin'ny efabolana.

- 500€ isaky ny tarika no tanjona andrasana amin'ny isan-taona any Pouru, 10 jolay 2017. Ary ny 500€ sisa, isaky ny tarika, dia andrasana amin'ny 15 septambra 2017. Raha sitrapon'ny Tompo ka mandray anjara ny mpiandry dia afaka manomboka ny asa fanorenana amin'ny septambra izao.

- Mifidy malalaka ny anarany ny tarika tsirairay ary manome izany anarana izany rehefa mandoa ny anjarany.

- Mpiandry iray na mpiandry mivady raha be indrindra no ao anaty tarika "Nehemia" iray.